



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitàve is - Tenindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROÀ

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROÀ  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-273

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA  
FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2023**

Fivoriana voalohany  
Natao ny  
Talata 17 Oktobra 2023  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien  
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

**FOTOANA:** Talata 17 Oktobra 2023, tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2023.

Fanamarihana: Firedonana ny Hiram-pirenena no nanombohana ny lanonam-panokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2023.

Rehefa izany, niredona ny hira fanevan'ny Andrimpanjakana indray ny Antoko mpihiraan'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny mpivory.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2023 izao.

Mialohan'ny hidirana amin'ny votoatin-draharaha sy ho fampiharana ny andininy faha-3 ao amin'ny Fitsipika Anaty Mifehy ny Antenimierampirenena, ampahafantarina isika fa araka ny Didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana laharana faha-03-HCC/AR tamin'ny 5 Jolay 2023 dia Ramatoa VELONANOSY Gita no misolo toerana ny Solombavambahoaka REMI dit DJAO Jean izay nodimandry tamin'ny faha-22 Jona 2023 lasa teo.

Koa miangavy anao hitsangana "Honorable" VELONANOSY Zita.

Ealy miarahaba anao izahay eto amin'ny fivoriambe. Mirary anao hahavita antsakany sy andavany ny adidy izay raisinao manomboka androany mba handimbiasanao ny "Honorable" REMI dit DJAO Jean izay nodimandry ary nahavita be teto amin'ny Antenimierampirenena. Matoky sy mino aho fa tsy holatsa-danja ianao.

Mahazo mipetraka ianao, Tompoko.

Hiditra amin'ny votoatin-draharaha isika izao.

langaviana, Ramatoa Mpitantsoratra, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -**

**Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien**

Misaotra, Ramatoa Filohan'ny, Antenimierampirenena, nanome ny fitenenana.

Ombako manana ny fiarahabana antsika rehetra.

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita Ramatoa Filoha.

Misaotra, Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Mankasitraka anao, Ramatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, tamin'ny famakiana izay andinin-dalàna izay.

- 3 -

**- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta Kolezialy izay mitantana ny raharaham-pirenena vonjy maika ary manao ny asan'ny Filoham-pirenena vonjy maika ihany koa;

Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Ianareo Solombavambahoaka namana hajaina;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta Kolezialy izay manatrika etoana;

Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;

Ramatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona;

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Fampihavanana Malagasy;

Ramatoa sy Andriamatoa isany Masoivoho manatrika etoana.

«Mesdames et Messieurs les Représentants des Corps Diplomatiques»;

Ramatoa sy Andriamatoa misolotena ireo Fikambanana Iraisam-pirenena sy ny Mpiaramiombon'antoka ara-Teknika sy ara-Bola rehetra;  
 «Mesdames et Messieurs les Partenaires Techniques et Financiers»;  
 Andriamatoa Filohan'ny Akademia Malagasy;  
 Ianareo mpikambana ao amin'ny Raimandreny Mijoro;  
 Ianareo mpandraharaha namana, mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena izay tarihan'Andriamatoa Sekretera Jeneraly;  
 Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;  
 Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay manatrika etoana araka ny laharamboninahitra misy anareo tsirairay avy;

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Ny hadivory, hono, fiaro tanàna, ny taretra mpiaro ny mpanafika; isika Antenimierampirenena kosa no andry iankinan'ny Repoblika.

Sokafana androany indray ity fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa fanaontsika ity. Koa isaorana Ilay Andriamanitra Ray Tsitoha antoky ny fahatanterahan'izao fotoana izao; na ianareo vahiny manan-kaja manatrika etoana, na isika tompon-trano rahateo dia atao ho toy ny bangotakatra ny fiarahabana, ka indray mihodidina ihany. Arahaba sarasara Tompokolahy, omen-kasina Tompokovavy.

Mialohan'ny hanombohana ny lahateny dia mamela ahy aloha ianareo raha hanolotra fiarahabana manokana:

- An'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona vaovao, ny Jeneraly RAVALOMANANA Richard.

(Mangataka anao am-panajana mba hitsangana Tompoko).

Arahabaina ianao amin'ny fametrahana anao amin'izany toerana izany, ka handidy hahita ny tonony, hikapa hahita ny vaniny.

- Arahabaina koa Ramatoa VELONANOSY Zita, izay voatendrin'ny HCC ho Solombavambahoakan'i Madagasikara misolo toerana ao amin'ny Distrikan'Antsohihy. Enga anie ianao hahateo nahalasan'ny adidy izay sahaninao.

- Ao koa ny Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Antsirabe II, "Honorable" RANDRIAMANAMPISOA Alfred, izay voafidy ho Filohan'ny Federasiona Malagasin'ny Baolina Kitra.

Arahabaina ianao Andriamatoa Filoha amin'ny nahavoafidy anao amin'izany toerana izany.

- Ny "Honorable" RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambohidratrimo, lany ho Komity Mpanatanteraka eo anivon'ny Federasiona Malagasin'ny Baolina Kitra.

Miarahaba anao, Tompoko.

- Ny “Honorable” HENRI Jean Michel, Kestoran’ny Antenimierampirenena, Solombavambahoakan’i Madagasikara voafidy tao amin’ny Distrikan’Ambovombe, lany ho Filohan’ny Ligim-paritry ny Baolina Kitra ao amin’ny Faritra Androy.

- Ary ny “Honorable” BERNANDO Germain Berton Ndrianasy, Solombavambahoakan’i Madagasikara voafidy tao amin’ny Distrikan’Anosibe An’Ala, lany ho Filohan’ny Ligim-paritry ny Baolina Kitra ao amin’ny Faritra Alaotra-Mangoro.

Reharehan’ny Antenimierampirenena ianareo “Honorable” isany, ka akaro avo ny lentan’ny Baolina Kitra eto Madagasikara satria ny vahoaka Malagasy dia mankafy baolina kitra tokoa.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ho toy ny mahazatra dia manan-jo isika Solombavambahoaka, indrindra ny vahoaka, hahafantatra ny asa vita sy ireo fitsidihana maro nandritra izay elanelam-potoam-pivoriana izay (intersession). Maro dia maro anefa izy ireo, ka noho ny fotoana voafetra tsy hahafahantsika mivalapatra amin’izany dia asaina isika rehetra hitsidika ny tranonkalan’ny Antenimierampirenena.

Asa goavana telo (3) amin’ireo ihany angamba no hasongadina eto amin’ny mahazava-dehibe ny Diplomasia parlemantera, dia ny:

1- Fanasana ny Filohan’ny Antenimierampirenena Malagasy avy amin’ny Parlemanta Eropeana, tany “Bruxelles”, Andriamatoa Rudy DEMOTTE, ny faha-19 sy ny faha-20 Septambra lasa teo.

2- Ny atrik’asa natrehin’ny Solontenan’ny Antenimierampirenena Malagasy tao amin’ny nosy “Maurice”, mikasika ny diplomasia parlemantera izay nokarakarain’ny “Association Parlementaire de la COI”. Anisan’ny nodiniana tamin’izany ny anjara andraikitra sy ny asan’ny tambazotra parlemantera manoloana ny fisorohana ny fifandirana mety hitranga mandritra ny zotram-pifidianana.

3- Ny fitsidihan’ny Filohan’ny Antenimierampirenenan’i “Bénin”, Andriamatoa Louis VLAVONOU teto amin’ny Antenimierampirenena Malagasy-Tsimbazaza. Izy dia sady Filohan’ny APNAC (Network Against Corruption). Nanao tatitra moa izy tamin’izany ka nambarany fa isan’ny sakana amin’ny fampandrosoana, ny fandriampahalemana ary ny sakana amin’ny demokrasia dia ny fisian’ny kolikoly. Taorian’ny tatitra dia nisy ny fifanakalozan-dresaka niarahana tamin’ny “Cour des Comptes”, ny PNUD, ny SAMIFIN, ny BIANCO, ny CSI, ny PAC ary ny ARAI.

Ajanoko eo ny amin’iny fa azonareo jerena any anaty tranokalan’ny Antenimierampirenena ny sasany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Mahakasika ny raharaham-pirenena dia heveriko fa fotoana izao hivoahana amin’ny fahanginana manoloana ny fiainam-pirenena izay andrasan’ny besinimaro.

Betsaka ny fanontaniana mipetraka amin’ny rehetra manoloana ny fiatrehantsika ny fifidianana. Zovy ny olom-pirenena tsy ho liana manoloana izay zotram-pifidianana izay. Misy ny tsy fitoviam-pijerin’ireo mpifaninana izay tonga hatramin’ny fanehoan-kevitra an-

dalambe mitaky vahaolana. Tandindonin-doza ny firenena izay tsy azo odian-tsy hita ny hetsika atsy, ny tabataba etsy sy aroa. Ao ny fitakiana maro samihafa ataon'ny andaniny; ao koa ny finiavana hiroso hatrany araky ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ataon'ny ankilany. Mitoetra eo anivon'izany rehetra izany ny Filohan'ny Antenimierampirenena. Iaraha-mahita fa sarotra ny toe-draharaha ary mikitoantoana ny lalana izorana ahatongavana amin'izany. Koa manoloana ny fizirizirin'ny andaniny sy ny ankilany na dia teo aza ny fanelanelanana maro samihafa sy ny sosokevitra avy amin'ny herivelona eto amin'ny Firenena, eny hatrany ivelany aza, nanao ny FFKM, ONU, SADC, ONG, ny "Sociétés civiles, ny "Francophonie" sns...; mba hialàna amin'ny patsa iray tsy homby vava izay mety tsy ho fantatra ny hiafarany ary tsy misy mahafantatra izay hasehon'ny ampitso isika. Amin'izao fotoana izao dia iainantsika izany atao hoe "impensé juridique" izany. Koa aleo misoroka, toy izay mitsabo. Samy Malagasy ka tsy tokony hifandrafy.

- Tehaka -

Ny Soatoavina mampiavaka antsika Malagasy dia ny fihavanana. Tsara noho izany ny fifanatonana, ny fifampiresahana, ao anatin'ny fifanjana sy ho fandalana izany soatoavina izany. Tsy midika fa resy, tsy midika fa ambany ny mifanatonana. Tsy midika fa diso, ny fanekena ny fahadisoana ho an'ny andaniny sy ho an'ny ankilany. Atsaharo ny fifandranitana izay tsy hitondra fitoniana; aoka haverina ny filaminana.

Fenitra demokratika ny fahalalahana maneho hevitra ao anatin'ny fanajana lalàna. Koa ny Antenimierampirenena dia manaja ireo fenitra ireo. Ny politika rahateo mazàna tsy ilaozan-dromoromo, fa ny safidin'ny vahoaka ihany ny fifidianana ihany na ny fifampiresahana eo an-databatra boribory no mamarana an'izany rehetra izany. Izay tsy miady olom-bodo, fa izay to fo mpamosavy.

Eto ary izahay dia manentana ny rehetra mba hanaja hatrany ny zo mahaolona (les droits humains), ny tsy hisian'ny fampiasan-kery sy ny fifandranitana amin'ny endriny rehetra na avy amin'ny andaniny na avy amin'ny ankilany. Tsapanay tato fa manindry fo tokoa ny Mpitandro filaminana. Varo jabo an-tsena, samy midoka ny azy ho masaka, samy milaza azy ho manana ny marina avokoa, fa aoka hifanjana, Tompoko, fa zava-poana ny zava-drehetra rehefa tsy ao anaty fitoniana zava-poana ny zava-drehetra rehefa tsy ao anaty fanetren-tena. Tokanana ny fahamarina dia Andriamanitra ao an-tampon'ny loha, fa izay malaky tezitra manetsik'ady, fa izay mahatsindry fo mampitsahatra fifandirana, hoy ny tenin'ny soratra masina ao amin'ny Ohabolana 15:18

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Eto ary dia mitodika manokana amintsika ato amin'ny Antenimierampirenena ny tenako. Misaotra sy mankasitraka anareo Solombavambahoaka tsy ankanavaka ny tenako, fa ity Andrimpanjakana misy antsika ity no tsy ahitan-dresaka ary azo lazaina milamina. Hotohizantsika izany, ka takiana ny hitazonana hatrany ny fahamatorana, ka tsy hampiditra ny Antenimierampirenena amin'izay fanehoan-kevitra ataon'ny tsirairay any ivelany any. Ny fanehoan-kevitra ataontsika any ivelany dia amin'ny anarantsika sy amin'ny firehana politika misy antsika tsirairay avy, fa ny Antenimierampirenena dia tsy tompon'ny fikotranana. Rehefa any ivelany kosa, samy manana ny heviny ny Solombavambahoaka tsirairay. Ilaina ve ny mampahatsiahy antsika Solombavambahoaka ny andraikitra masina iantsorohantsika.

Ivelan'ny maha mpanao Lalàna antsika mantsy dia manana adidy koa isika amin'ny fanelanelanana (mediation parlementaire) raha misy ny olana. Miantso antsika Solombavambahoaka tsirairay avy aho mba handray andraikitra ary hijoro amin'ny fisorohana izay mety ho fifandrafesana lalina eo amin'ny mpirahalany sy eo amin'ny samy mpiray tanindrazana, eo amin'ny mpiara-monina izany na ao an-tokantrano koa, eny na eo anivon'ny Firenena. Hajoro eto anivon'ny Antenimierampirenena noho izany ny sehatra hifanakalozan-kevitra (espace de dialogue) izay handraisan'ny rehetra anjara, indrindra fa isika Solombavambahoaka izay manana ny Sata ara-drariny sy ara-dalàna satria ny Solombavambahoaka no "autorité légitime et légale" maha-solotena ny vahoaka sy ny hery ara-kevitra eto amin'ny Firenena.

Ny faniriako dia hivoaka tsy misy henatra fa harahim-boninahitra isika satria hahavita adidy ho an'ny Firenena isika rehetra alohan'ny hamaranana ny fe-potoam-piasana satria efa mitsidika ny "fin de mandat". Koa ho laza soa no horaisintsika amin'ny famaranana ny "mandat"-ntsika izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Izahay ato amin'ny Birao Maharitra dia efa mandray ny adidinay, ka efa manomboka mandrafitra ny antontan-taratasy mirakitra ny asa vitantsika teto nandritra ny dimy taona fe-potoam-piasantsika ary isan'izany ny efa fahavitan'ny boky miraikitra ny Varavarana nisokatra izay natao tany Fianarantsoa, ny faha-27 Jolay 2022, ho fahatsiarovana an'ltompokolahy ANDRIANARAHINJAKA Lucien Xavier Michel, Filohan'ny Antenimierampirenena tamin'ny 1977 ka hatramin'ny 1991 ary ltompokolahy RALAIVÉLO Daniel izay Solombavambahoaka teo aloha ary Ben'ny tanànan'i Fianarantsoa. Efa mivoaka izany boky izany ary heveriko fa ho zava-dehibe hoentintsika rehetra hatao voan-dalana rehefa mody amin'ny farany ny fotoam-piasana mba hanaporofona amin'ny vahoaka fa niasa marina ho azy ireo sy nanaja ny antony nisafidianany antsika. Koa hiloloha tantely ianareo, hiantsoroka fary ary hisakelika akondro, hivimbina saonjo.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Alohan'ny hamaranana ny teniko, satria efa lavalava ihany izay, ka ho fehiny dia tsotra ihany ny hafatray ho an'ny mpanao politika sy ny vahoaka Malagasy: ataovy toy ny dian-tana, jereo ny aloha, todiho ny aoriana ary aoka samy hitsinjo ny ho avin'ny taranaka isika rehetra, fa tsy ho tia tena ka ny ankehitriny ihany no hojerena. Manoloana izao toe-draharaha izao dia aoka mba samy hanokana fotoana na vitsy monja aza mba hivavahana ho an'ity firenentsika ity.

Ho antsika vahoaka koa dia halaviro ny fifandrafiana noho ny antony ara-politika, tandrovny mandrakariva ny fihavanana fa io no tsy rava, ny fifankatiavana no nampiray. Tsy misy soa azo avy amin'ny korontana. Koa mirary soa sy mirary fahombiazana ho an'ny vahoaka Malagasy ny Antenimierampirenena mba ho ambinin-java-manasatra, mba hahita ny hevitra hiadianan'ny ankohonany.

Homba antsika mandrakariva anie Andriamanitra.

Veloma Tompokolahy, Soava Tompokovavy.

Satria misy vahiny manan-kaja avy any ivelany manatrika antsika eto, koa mamelà ahy ianareo mba hitondra ny kabary amin'ny teny vahiny ny tenako.

«Excellences Mesdames et Messieurs les représentants des Corps diplomatiques et les représentants des Partenaires Techniques et Financiers  
Excellences Mesdames et Messieurs.

J'ai déjà formulé mes bienvenues à votre endroit et je pense toujours une base de politesse et une tradition qui me tient à cœur de vous présenter de formuler la bienvenue au sein de l'Assemblée Nationale, ce temple de la démocratie et merci d'avoir répondu à nos invitations. Ceci manifeste l'intérêt que vous éprouvez à l'endroit de l'Assemblée Nationale, des institutions de Madagascar et de notre pays.

D'habitude, je cherche les mots pour formuler mon discours. Mais depuis toujours, intervenir publiquement n'est jamais chose facile et chose aisée. Avoir la carrure et les poignes de mes prédécesseurs des années 70 et 80 n'est pas à la portée d'un premier venu.

Un des nôtres, l'illustre politicien et grand orateur Lucien Xavier Michel ANDRIANARAHINJAKA, un homme droit, honnête et réputé par son intégrité ne mâchait pas ses mots quand il s'agissait de l'intérêt général. Sincèrement, j'étais tentée d'agir comme ce grand Monsieur. Mais ma lucidité me ramenait vite sur terre, et compte tenu du contexte que nous traversons actuellement. J'allais oublier que dans mon pays, toute vérité risque de déranger certains esprits. Défendre l'intérêt général pourrait-être source d'ennuis. Je me sentais toujours frustrée connaissant mon caractère, je me suis vite ressaisie et au même moment le courage et l'amour de mes concitoyennes et concitoyens que je ressens au plus profond de moi-même m'ont poussée à me tenir droite et ferme dans mes propos.

Aujourd'hui, ce ne sont pas les mots qui manquent pour définir nos problèmes socio-politiques, je ne vais même pas les aborder surtout nos déficiences économiques, et à contre cœur, ici dans cet hémicycle, je ne déplorerais qu'avec des métaphores le mode de gouvernance qu'on implante depuis quelques années dans notre République.

Je ne vais pas non plus chercher à accuser ni à récuser l'unilatéralité de la prise des décisions tant bien à bon escient ou bien des décisions démesurées adoptées peut-être à l'encontre de la démocratie, des schémas et des politiques initiés à l'opposé des droits fondamentaux et des droits humains ceci sans minimiser l'utilisation abusive de la répression sans doute morale et politique pour lesquels se révoltent nos concitoyens. Je comprends qu'il n'est pas toujours facile de conduire un pays dans de telle circonstance. Mais il est un constat que la démocratie est en perte de vitesse actuellement.

La situation se définit par quelques phrases:

Notre pays ne va pas trop bien. Je ne serais pas sincère si je veux dire que tout est au beau fixe.

Notre Peuple est en souffrance, c'est un constat de nos défaillances.

Notre civilisation, hélas est en faillite, le Fihavanana se dégrade.



C'est une évidence que je fais partie à part entière de mes observations et je n'en disconviens point. Il est aussi évident actuellement que personne et depuis n'a le monopole du juste et du vrai. Et j'étais tentée d'aborder l'approche par la voix du peuple que seul détient la solution. Certes, la seule solution réside en la consultation du peuple. Mais, est-ce que le contexte sur le non-respect des valeurs et des normes constituerait actuellement cette solution.

En effet, les valeurs par le respect, nous saisissent, et les normes nous restreignent. La vertu humaine par excellence exige d'avoir la capacité de discernement du bien et du mal pour s'imposer à se doter des aptitudes morales de se fixer des limites conventionnelles.

Ces quatre axes ainsi observés et analysés, je ne vous mentirai pas si je constate que nous avons et continuons de perdre nos valeurs morales, les limites morales, normatives et conventionnelles sont systématiquement violées.

Dire que dans les conditions actuelles, seule la consultation du peuple par la voie des urnes est l'unique solution, alors que les normes morales et les normes universelles sont loin d'être remplies, ouvrirait certainement la voie vers une spirale de crises.

L'unilatéralisme s'adjuge la raison au gré du pluralisme. Notre peuple en est victime. J'en appelle à nous Institution de la légitimité et de la légalité à prendre notre responsabilité. Nos compatriotes ont besoin de lumières, nous avons besoin de nous exprimer la liberté d'expression.

Et quand les élus projettent de rencontrer leurs électeurs, cela, dans certains endroits de notre pays, on dit souvent que c'est une révolte et à un affront contre une minorité.

Notre pays ne va trop bien, disais-je, ci-haut. On est dans l'impasse. Aurais-je raison de dire que nous sommes bloqués. Un bloc de candidats présidentiels face à un seul président sortant.

Je remercie les différentes forces vives de la nation, les structures religieuses et la communauté internationale qui jusque-là ne cessent pas de chercher les issues et les résolutions pouvant nous sortir de ce blocage inhérent sommes toutes à des fins sans doute personnelles au détriment des intérêts communs car il y a des intérêts derrière ce blocage tant du côté des collectifs des candidats que du côté du président sortant.

Je remercie du fond du cœur les pays partenaires et amis de Madagascar et des malgaches d'avoir initié des échanges permanents ceci depuis le début de cette crise. Votre présence dans cet hémicycle nous touche de près et nous honore.

Je profite de cette occasion ô! Combien formelle en formulant une sollicitation, j'exhorte la communauté internationale, face à l'urgence à agir. Je sais et je suis convaincue que vos constats respectifs rejoignent les nôtres, sur certains domaines et secteurs vous êtes dissuasifs, le temps n'est plus à la diplomatie, Mesdames et Messieurs les diplomates. Les germes des provocations pour une guerre fratricide sont visibles et ne cessent pas de s'amplifier, notre responsabilité respective est engagée, nous à l'Assemblée Nationale, je vous en appelle à avoir cette responsabilité et votre responsabilité également vous la communauté internationale. Parce que vous êtes là justement pour nous seulement observer mais apporter des solutions.

Je rappelle d'abord qu'étant présidente de cette assemblée, et élue à l'unanimité par toutes les sensibilités politiques, ma conduite avait été, est et sera dictée par cette pluralité de visions politiques.

Aussi, au détriment de toutes affiliations politiques, pour éviter d'être juge et partie, officiellement, à partir de ce jour, sans renier mon statut de présidente des élus de cette noble assemblée, j'ai l'honneur de vous informer que je me mets à la disposition de la République et je me priverai d'instaurer la division dans notre chère patrie.

Par conséquent, dans les prochains jours, les consultations de toutes les forces seront nécessaires pour corroborer l'espace dialogue dont j'ai parlé supra. Les conciliations et les échanges de vues avec les pays amis de Madagascar se feront. L'entente et la collaboration constructive avec les forces de l'ordre seront établies.

J'aurais peut-être une gêne à rappeler ces cinq points de blocages mais je m'essaie le devoir de vous les partager. Les autres de leur côté invoquent des arguments plus ou moins légitimes et légaux mais je m'essaie toujours l'honneur et le devoir de les citer.

- le non-respect de la loi et de la constitution,
- la partialité de la HCC,
- la mise en place d'une nouvelle CENI,
- le changement du Chef de Gouvernement,
- l'élection du 16 novembre: il y a ceux qui revendiquent l'ajournement, et il y a ceux qui exigent le maintien du scrutin pour la date du 09 novembre.

Bref, j'irai là où l'issue de sortie de crise sera trouvée durablement. Ceci pour l'intérêt suprême de la nation car personne ne peut dire qu'il a le monopole, je le répète, du vrai et du juste tant ceux de l'opposition que ceux de la majorité.

Vive Madagascar et les malgaches.  
Je vous remercie».

- Applaudissement -

Izay kabary nambarako teto, aoka tsy hisy hirehereha ka hilaza fa izahay no marina na ianareo no diso, aoka ny fifandranitana na ny fihetsika izay hitarika korontana satria ny kabary natao dia mitaky fitoniana. Aoka hifanaja, atsaharo ny herisetra na amin'ny fihetsika na amin'ny fiteny.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ho fanajana ny andininy faha-204 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fotoampivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, amin'ity taona 2023 ity.

- Fiatoan'ny fivoriana -

**Ramatoa FILOHA**

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia tiako ny mampahafantatra antsika, fa rahampitso Alarobia 18 Oktobra 2023, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra izay hatao ao amin'ny "Salle BP".

Hambara amintsika Solombavambahoaka eny ihany ny ho tohin'ny fandaharam-potoana, fa miato ny fivoriana.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**

Corele®

P

e

Fusion™